

Casa Generalizia
MISSIONARI MONFORTANI
Viale dei Monfortani, 65
00135 ROMA
ITALIA
Tel. (0039) 06.30.50.203

SG 105-2021

Rome, 25 Novambra 2021

«Mitsangàna, mihazavà!, Montfort any Azia sy Oseania» Taonan'ny misiôna kaontinantaly any Azia sy Oseania, 2022

Ry rahalahy mpiara-miasa sy associés montfortains malala,

Tsy mbola tapitra ny taonan'ny misiôna kaontinantaly ho an'ny Afrika sy Madagasikara (2021). Nandritra ny fitsidihana ny firenena amin'io Kaontinanta io, ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra Foibe dia nanatri-maso ny asa lalina sy ny hafanam-pon'ireo misionera montfortana tamin'ny alalan'ny fiainana apôstôlikan'izy ireo. Nipoitra ny fandraisana anjara tamin'ny litorjia miaraka amin'ny hira, mozika, dihy, tehaka sns... izay manamafy ny fiainan'Andriamanitra tamin'ireo izay nandray anjara rehetra tamin'ny fankalazana samihafa izay natrehanay. Ny fandraisana rehetra, ny favoriana, ny fifampiresahana tamin'ireo olona samihafa izay nihaona teto amin'ity kaontinanta ity dia mamohafoha ny finiavana hizotra miaraka mankany amin'ny ho avy tsara kokoa manoloana ireo fanamby samihafa, tsy ho anay izay mpitsidika ihany fa ihany koa ho an'ireo rahalahy mpiara-mpiasa sy ny vahoakan'ny Afrika sy Madagasikara.

Tazomy ao am-po hatrany ny hafanan'ity taona kaontinantaly izay mbola mitohy aty Afrika sy Madagasikara ity, **manomboka amin'ny taona 2022 dia angatahana ny Fikambanana manontolo mba hifantoka amin'ireo sampam-pikambanana Montfortana, naorina any Azia sy Oseania**. Ao amin'ireo kaontinanta anankiroa goavana ireo dia manana sampana efatra ny fikambanana «la petite Compagnie de Marie» dia i: **Inde, Indonésie, PNG ary ny Filipiana**.

Ny Mpikambana any Azia sy Oseania

Na dia i Inde sy Indonezia aza no sampana roa lehibe ato amin'ny Fikambananay, dia tena tsy mba misehoseho izy ireo any amin'ny kaontinantany, na any amin'ny fireneny mihitsy aza raha oharina amin'ireo Kongregasiona maro hafa. Mazava ho azy fa izany fahavitrihana izany dia takatra amin'ny alalan'ny isan'ny mpikambana sy ny fiantraikan'ny asa apôstôlika izay tena "mangina" tokoa ny fanatanterahan'ireo sampana ireo izany. Amin'ny toe-javatra sahala amin'izao, ny tenin'I Montfort dia tsy handiso fanantenana an'ireo rahalahy mpiara-miasa aminay amin'ireto kaontinanta anankiroa ireto. «Aza matahotra ry ondry vitsy fa sitrak' Andriamanitra Rainareo ny hanome anareo ny fanjakana (Lk 12,32). Aza matahotra na dia manana ny zava-drehetra ho tratrarinareo aza ianareo...» (Aux associés de la Compagnie de Marie, 1).

Araka ny antontan'isa amin'izao fotoana izao, tamin'ny fotoana nanoratana ity taratasy ity dia azo lazaina fa manana Pretra 65 i **Inde**, 2 eveka, 35 ny skolastika, 4 ny Novisy ary 4 ny miomana ho Novisy. Raha any **Indonezia** kosa dia 71 ny isan'ny Pretra, 1 frera nahavita ny voady mandrakizay, 2 skolastika nahavita voady mandrakizay, 66 ny skolastika nahavita ny voady voalohany, 4 ny frera nahavita ny voady voalohany, 15 ny Novisy ary 16 ny mpiomana. Ny ao **Papouasie-Nouvelle Guinée** kosa dia manana Pretra miisa 12, 1 eveka, 1 frera nahavita ny voady mandrakizay. Raha ny marimarina kokoa dia tsy maintsy lazaina fa ny misionera any **PNG** dia avy amin'ny sampana isan-karazany : 5 rahalahy mpiara-miasa avy any Inde, 7 avy any

Indonezia, 1 misionera avy any Filipina ary 1 misionera avy any Madagasikara. Ankehitriny, ny delegasiona foibe dia manana mpiomana miisa 5, 3 skolastika nahavita ny voady voalohany ka ny 2 amin'izy ireo nalefan'ny delegasiona foibe ho any Afrika miteny Frantsay. Ny **Filipiana** kosa dia miisa 18 ny Pretra, 1 frera nahavita ny voady mandrakizay, 2 skolastika nahavita voady mandrakizay ary 5 ny skolastika nahavita ny voady voalohany. Azontsika lazaina fa ny fisian'ireo kandidà isaky ny sampana ireo dia azo itsinjovana sahady ny fitomboana ara-dalàna. Izany dia manome fanantenana ho amin'ny hoavin'ny kongregasiona manontolo.

Fanampin'izay, raha ny angona antontan'isa farany no jerena dia manana misionera 17 ny Indiana izay miasa ivelan'ny tanindrazany ary olona roa no miomana hiainga ho any Allemagne. Tsara ho marihana avy eo azo fa miisa 15 ny misionera indonezianina miasa ivelan'ny firenena niaviany ary miisa 3 ireo rahalahy mpiara-miasa halefa any Portugal, any Papouasie-Nouvelle-Guinée ary mety ho any Vietnam. Azoko antoka fa ao anatin'ny fandinhana amin'ny misiona vaovao ho any Vietnam, ny misionera voalohany hanorina ny fikambanana any dia ho avy amin'ireo Kaontinanta ireo. Olona iray no voatokana tao Indonezia ho amin'ity tanjona ity izay tena fanantenana tokoa. Hivavaka isika ho an'ity fikasàna ity. Farany, 3 ny misionera Filipiana ankehitriny no miasa ivelan'ny firenena niaviany. Nanomboka teo, hitantsika fa ireo sampana ireo dia mandray anjara amin'ny misiona iraisam-pirenena ato amin'ny Fikambanantsika.

Amin'ireo rahalahy mpiara-miasa avy any Azia sy Oseania amin'izao fotoana izao dia maro no manohy ny fianarany any ivelany ao anatin'ny sehatr'asa fanompoana amin'ny hoavy: 4 avy any Inde ary 3 avy any Indonésie. Fanampin'izay, misy 1 avy any PNG ary 1 avy any Filipina izay miomana hanohy ny fianarany. Tsy hadinoina ny manamarika fa misy rahalahy mpiara-miasa sasany no manaraka ny fianarany any amin'ny fireneny ihany. Izany rehetra izany dia ilaina mba hanofanana ireo mpitondra amin'ny hoavy.

Manaraka, ny mahakasika ny «**Associés Montfortains**», ao **Inde** 60 isa ny mpikambana voasoratra anarana raha 335 isa ny mpikambana ao **Indonésie** etsy ankilany, any **PNG** 32 ny mpikambana ary any **Filipina** dia 99 ny mpikambana, tsy tambo isaina ny olona efa nanokan-tena tsy nanoratra anarana. Ity fifampizarana ny aim-panahy montfortana ity dia isan'ny misiona montfortana any amin'ireto kaontinanta anankiroa ireto izay mangetaheta ny fainam-panahy lalindalina kokoa.

Toerana sy ny karazana asa fitoriana

Mahakasika ireo Misionera nahavita ny voady mandrakizay izay miasa any amin'ny sampana misy azy ireo any Azia sy Oseania dia tsara ny mahafantatra mazava kokoa ny toerana misy azy ireo sy ny zavatra ataony.

Any **Inde** no ahitantsika ny rahalahy mpiara-miasa nahavita ny voady mandrakizay amin'ny misiona arapitantanan'ny Vice-province, ao amin'ny trano fiatombohan'ny fanofanana (seminera zandriny, mpiomana ho novisià, novisià ary skolastikà), ao amin'ny trano sosialy ho an'ny ankizy sahirana, any amin'ny sekoly anankiroa, ny fambolena kafe ary ny hafa miasa any amin'ny paroasy. Any Inde hatrany, ny foibempikambanana mahakasika an'i Masina Maria dia miara-miasa amin'ireo «**Associés Montfortains**» amin'ny fizarana ny aim-panahy montfortana. Fanampin'izay, misy ihany koa ireo rahalahy mpiara-miasa no mirotsaka amin'ny fitoriana mitety vohitra ary lasa mpanentana ara-panahy ho amin'ny vondrom-bavaka samihafa.

Any **Indonésie**, ny rahalahy mpiara-miasa no mikarakara ny sehatry ny fitantanana-draharaha ao amin'ny Faritany, ankoatra ny fanaovana ny tenany ho toy ny mpitari-dalàna ara-panahin'ny vondrom-piangonana samihafa. Rahalahy mpiara-miasa maro no miasa ao amin'ny sehatry ny fampiofanana (seminera zandriny anankiroa an'ny diosezy, ny vondrom-piaraha-monin'ny tanora mpiofana, ny «postulant-noviciat», ny skolastikà) ary any amin'ny paroasy. Hita ao amin'ireo vondrom-piarahamonia misionera anankiroa izay manana ny mampiavaka azy ireo koa izy ireo «ho an'i Montfort». Ity vondrona ity izay mifantoka amin'ny

fizaràna aim-panahy amin'ny alalan'ny «Associés Montfortain» izay antsoina any an-toerana hoe: «Kerabat Santo Montfort» (KSM).

Any **Papouasie-Nouvelle Guinée**, saika ny rahalahy mpiara-miasa avokoa no hita any amin'ny paroasy, ny lehiben'ny fitantanany delegasiona ankabobeny ao PNG mihitsy no Pretra miandraikitra ny Paroasy. Zavadehibe ho an'ny fahaleovan-tena ara-bolan'izy ireo izany. Ankehitriny, manana trano fiofanana ao an-drenivohitry'ny firenena, ao Port Mersby izy ireo. Ity sampana ity izay vao nanomboka nanokatra ny fizaràna aim-panahy montfortana miaraka amin'ny lahika.

Ao **Filipina**, ny fampielezana ny aim-panahy montfortana dia tena zava-dehibe amin'ny asan'ny rahalahy mpiara-miasa. Raha misy rahalahy mpiara-miasa voatendry manokana hisahana ity iraka ity dia tafiditra ao anatin'izany avokoa ny rahalahy mpiara-miasa hafa rehetra ary izy ireo no mikarakara amin'ny sehatra hafa; Miara-miasa amin'ny ekipa matanjakan'ny lahika tena nanolo-tena izy ireo. Ankoatra an'io faritra manokana io, mazava ho azy fa hita any amin'ny trano fanofanana ireo rahalahy mpiara-miasa hafa, any amin'ny paroasy sy any amin'ny fitantanana ny Delegasiona ankabobeny any Filipina.

Tiana ny manamarika manokana eto fa **any Inde, any Indonésia ary any Filipina dia misy misionera manohy ny asa maha-misionera azy ireo amin'ny fitondrana ny hazofijaliana amin'ny tsy fahasalamana**. Mitohy hatrany ny fandraisana andraikitra ataon'ireo tomponanadraikitra amin'ity sampana ity mba hahitan'izy ireo vahaolana tsara indrindra amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny fahasalamany'izy ireo. Azo antoka fa ny fiainana misioneran'izy ireo dia mifantoka amin'ny vavaka atao ao anaty ady mangina, ao anatin'ny fahavononan'izy ireo ho sitrana mba hanohizany ny asa fanompoany indray ary ny fitazomany ny tsiky amimpaharetana.

«Mitsangàna, mihazavà!» Manao ahoana?

Taorian'ny fahitana ny isan'ny mpikambana, ny karazany, ny sarintany sy ny halehiben'ny asa Misionera Montfortana any amin'ireo kaontinanta anankiroa ireo dia mipetraka ny fanontaniana manao hoe : ahoana no hahatonga azy ireo hanan-danja eo amin'ny tontolo izay iainan'izy ireo ? Ny valiny dia hisy dikany amin'ny fandraisana anjara , izay fanomezana miavaka indrindra, izay mety ho entin'ny fanatrehany amin'ny maha-misionera azy ireo.

Mba hahatongavana amin'izany dia zava-dehibe ny fahatokisana ny maha-izy azy manokana an'ireo Misionera ao amin'ireo kaontinanta anankiroa ireo sy ireo Misionera mpiara-miasa aminy. **Io tanjaky ny maha-izy azy io dia hampamirapiratra** hazavana tsy manam-paharoa eo amin'ny tontolo iainany, ny fahatsiarovan-tena sasany amin'ny maha-montfortana azy ireo dia havitrika, indrindra amin'ny fifandraisana amin'ny zava-misy eo an-toerana any amin'ny firenena tsirairay.

Noho izany «Mitsangàna, mihazavà! Montfort any Azia sy any Oseania» izay tonga lohahevitr'ity Taona Kaontinantalny ity, dia tsy “tantara feno setroka akory sy toetra mirehareha”. Ny fototr'ity “Mitsangàna, mihazavà!” ity dia “menaka ho an'ny tena” (vakio: l’identité de soi) izay hiain’ny misionera amimpahatokiana ao amin’ity faritra ity miaraka amin’ireo “Associés Montfortains”. Ity hazavana ity angamba dia mety tsy hiparitaka be sy tsy hanam-petra mandra-pahatongany any amin’ny zoron’ireo kaontinanta anankiroa lehibe ireo, fa eo an-toerana kosa dia hitsimoka, any amin’ny toerana izay tratran’ny Misioneranay sy ny Associés Montfortains. Noho izany “Mitsangàna, mihazavà!, Montfort any Azia sy Oseania dia hiaka fankaherezana iray, manosika an'i Montfort, amin'izay mba manana dikany arapaminaniana ny fisian'ny montfortana any amin'ireo kaontinanta anankiroa ireo.

Amin’ity taona kaontinantalny ity, araka ny tetiandro dia toa misy fotoana manokana maromaro handinihana an’io lohahevitra io: **Voalohany, mandritra ny fanokafana amin'ny fomba ofisialy an'ity taona kaontinantalny ao Manille ity dia ny 23 Janoary 2022**, ary indrindra avy eo ny **Fihaonana**


Kaontinantaly izay hatao ao Malang Indonésie ny 4 hatramin'ny 13 Jolay 2022 ary ny farany, mandritra ny fanakatonana amin'ny fomba ofisialy an'ity taona kaontinantaly ity, any amin'ny iray amin'ireo toerana any PNG (izay mbola hofaritana) amin'ny Volana Desambra 2022.

Haina izany rehetra izany ao anatin'ny toe-po sy **toe-tsaina sinodaly isika**. “**Miaraka, miombona, mandray anjara ary miara-miasa**” ireo no isan’ny teny fototra amin’ity toe-tsaina sinodaly ity. Manantena izahay fa izany rehetra izany dia azo ampiharin’ny misionera montfortana sy ny “Associés Montfortains” amin’ny fanomanana sy ny fanatanterahana ity Taona Kaontinantaly any Azia sy Oseanie ity. Izany dia mifanitsy indrindra amin’ny tetiandron’ny Fiagonana, tena ao anatin’ny fanomanana tanteraka isika ary koa anatin’ny fanatanterahana ny Sinoda miara-dia amin’ny “sinôdaly”, amin’ny Volana Oktobra 2022. Ho antsika ihany koa ny teny fampaherezana ny Fiagonana amin’ny fampandrosoana ny Sinôda dia ny hoe: “Miara-mamindra sy miara-misaintsaina ny lâlana nodiavaina, ny Fiagonana dia afaka mandray avy amin’ny zavatra iainany, inona avy ireo dingana afaka manampy azy hiaina ny fiombonana, handray anjara ary hisokatra amin’ny misiona”.

Farany, aoka isika hiray fo sy saina amin’ireo rahalahy mpiara-miasa sy ny « Associés Montfortains » any Azia sy Oseania isika, amin’ny fiezahana hanamafy sy hanavao ny fanatrehany ary ny zotom-pony amin’ny asa fitoriana eto amin’ireto Kaontinanta anankiroa ireto. Hamela an’Andriamanitra ho aminy sy hanjaka ao am-pon’izy ireo anie ny vahoaka rehetra any Azia sy Oseania. Enga anie ny “Tsiambaratelon’i Maria”, ny fanomanana ny fanjakan’i Jesoa Kristy, mba hahariharin’ny Fanahy Masina hatrany amin’ireo vahoaka any amin’ireo kaontinanta anankiroa ireo.

Mirary soa ho antsika rehetra amin’ny **fanombohana tsara ny Fiaviana** izay hanomboka ny Alahady 28 Novambra ho avy izao. Ny Fiaviana dia fampanantenana, fotoana andrasana kanefa ambonin’ny zavatra rehetra dia azo antoka fa mihoatra noho ny fanantenana satria ny Tompo tokoa no tena ho avy ary manasa antsika hanaraka Azy amin’ny fomba hentitra. Manantena isika fa ity Taona misionera Kaontinantaly izay hanomboka amin’ny 2022 ity dia hanome hery antsika hiaina ny fanirian’ny misioneran’i Masindahy Louis-Marie de Montfort: dia ny misiona tsy voasakan’ny sisintany mankany amin’ny manodidina rehetra. Afaka miaina izany idealy izany isika amin’ny toe-java-misy any Azia sy Oseania. Amin’izany dia azo atao tsara ny mitadidy ireto tenin’i Thomas Merton izay mankahery antsika ireto hoe: “Any Azia, manantena aho fa hahita zavatra na olona hanampy ahy hiroso. Tsy fantatro raha ho tapitra eto ny androko ary tsy izany no zava-dehibe indrindra; Fa ny tena zava-dehibe tsara indrindra dia ny mamaly mandrakariva ny sitrapon’Andriamanitra”. Masindahy Louis-Marie Grignion de Montfort sy Marie-Louisen’i Jesoa Olontsambatra: mivavaha mandrakariva ho anay rehetra.

Miarahaba anareo ao amin’i Jesoa Velona ao amin’i Maria,



P. Luiz Augusto STEFANI, SMM
Supérieur général

Site Web:
<https://www.montfortian.info/asia-oceania/>